KRIZY POLITIKA

Hihaona amin'ny FFKM ny Miara-manonja

Mitohy hatrany ny fandaharana Miara-manonja, na maro aza ny ankasomparana, sy fampitahorana mahazo ireo mpanentana ao amin'ity fandaharana ataon'ny fanoherana eto Madagasikara ity. Eo koa ny didikofehilehibe nataon'ny fanjakàna amin'ny fanajanonana ny MBS ao amin'ny Canal +, Parabole, Startimes. Ankoatra izay, misy ireo mpitandro filaminana mirongo basy manodidina ny trano fonenan'ny filoha Marc Ravalomanana. Manoloana izany, nanapakevitra ny Miara-manonja, fa hangataka fihaonana amin'ny FFKM, amin'ny maha ray amandreny ampanahy azy ireo, izay tsy azo dinganina eto amin'ny firenena rah any mahakasika ny raharahampirenena. Ny antony dia tsy mieritreritra ny mpanohitra fa hamboly korontana eto, fa ny mpitondra no mahatonga ny onja isamboaravoara eto amin'ny firenena ankehitriny. Eto izahay dia misaotra ny FFKM hoy ny depiote Fidèle Razara Pierre, fa nanaiky ny fihaonana izy ireo. Ny toerana sy ny fotoana dia mbola tsy avoaka aloha, fa ny fantatra fotsiny ary tena zava-dehibe dia nanaiky ireo ray amandreny ampanahy ireo hihaona amin'ny Miara-manonja. Tsy nanosi-bohotanana ireto farany, fa nahatsapa izy ireo fa ilaina ny fifampiresahana amin'izao fotoana izao. Ny fotokevitra ho dinihana amin'izany dia tsy ho lazaina aloha, fa miankina amin'ny FFKM io, hoy ihany ny depiote Fidèle Razara Pierre. Fantatra koa izao, fa ho tanterahana ny zoma ho avy izao ny raharaha mahakasika ny nanajanonan'ny fanjakana ny fahitalavitra MBS ao amin'ireo televiziona satelita: Canal +, Startimes ary Parabole.

Ny depiote Fidèle Razara Pierre tao amin'ny fandaharana omaly.

Helisoa

11 febroary 1975, 46 taona lasa izay

Maty nisy nitifitra ny kolonely Ratsimandrava

Noresahina teto amin'ny Gazety Ny Valosoa Vaovao, laharana 1124 nivoaka tamin'ny Sabotsy 06 Febroary 2021, ny mikasika ny 05 Febroary 1975 nandraisan'ny Kolonely Richard Ratsimandrava ny fahefana feno avy amin'ny Jeneraly Gabriel Ramanantsoa, nitondrany ny tany sy ny fanjakana. Indrisy anefa fa tsy ampy herinandro akory dia zava-doza no niseho.

Nisy namono ny kolonely Ratsimandrava

Ny alin'ny talata 11 Febroary 1975 dia nanambara ny Radiompirenena Malagasy, fa mihàtra eto amin'ny tany sy ny fanjakana ny fepetra amin'ny tany misy hotakotaka, tsy azo natao intsony ny mivezivezy tamin'io alina io, ka izay mbola tany ivelan'ny trano dia niangaviana hamonjy fodiana avy hatrany.

Tsy nijanona ny Radio mandramparainan'ny andro, ary vao maraina ny alarobia 12 Febroary 1975 dia nanao fanambarana ny Jeneraly Gilles Andriamahazo, fa maty nisy namono teny Ambohijatovo ny Kolonely Ratsimandrava, Filohampirenena sady Lehiben'ny Governemanta, maty niaraka taminy ny GP2 Rakotoarisoa Bernard sy ny GP2 Rabotovao, izay samy mpiambina ny kolonely. Nohamafisin'ny Jeneraly Andriamahazo ny fampiharana ny fepetra amin'ny tany mihotakotaka ary nihàtra avy hatrany ny fisaonam-pirenena.

Marihina fa ny andron'io 12 Febroary 1975 io dia nisy ny fiantsoana ireo mpitandro filaminana tao amin'ny tobin'ny GMP Antanimora hitolo-batana hivoaka ny toby, satria maty voatifitr'ireo zandary mpiambina ny Kolonely Ratsimandrava teny Ambohijatovo i Zimbo sy Mara Seta, olon'ny Gmp, izay noheverina ho nitifitra ny fiara nitondra ny Kolonely Ratsimandrava, ka efa hariva vao nivoaka tanteraka an'Antanimora nitolo-batana ireo Gmp na Frs taloha.

Ny komitim-pitondrana miaramila

Tamin'ny anaran'ny Komitim-pitondrana miaramila no nitenenan'ny Jeneraly Andriamahazo, satria izy no filohan'io, natsangana io komitim-pitondrana miaramila io ny alin'ny talata 11 Febroary 1975,satria vao nitranga ny famonoana dia nifamory ireo manamboninahitra nandinika izay natao, dia ny fijoroan'io komitim-pitondrana miaramila io no hevitra tapaka.

18 ireo mpikambana tao amin'ny Komitim-pitondrana miaramila, ka ny Jeneraly Gilles Andriamahazo manamboninahitra ambony laharana indridra no filoha, nanana solontena tao avokoa ireo antokontafika rehetra: antanety, an'habakabaka, an-dranomasina, servisy sivika ary ny avy ao amin'ny zandarimariampirenena. Natolotra isamparitany ihany koa ireo mpikambana, ireo manamboninahitra minisitra tao amin'ny Governemanta Ratsimandrava dia mpikambana tao avokoa ary ny Capitaine de frigate Didier Ratsiraka, izay tsy niditra tao anatin'ny Governemanta Ratsimandrava dia tao anatin'io komitim-pitondrana miaramila, na Directoire Militaire, io ihany koa.

Ny Komitim-pitondrana miaramila no fahefana ambony indrindra tamin' izany, fa ireo minisitra tao anatin'ny Governemanta Ratsimandrava dia mbola teo ihany, saingy dia fampandehanan-draharaha ihany sisa no nataony. Ny komitim-pitondrana miaramila no nampanao ny fitsarana miaramila nitsarana ireo nahiana ho namono ny Kolonely Ratsimandrava, saingy indrisy fa afaka avokoa ireo goavana noheverina ho tompon'andraikitra, fa ireo Gmp telo lahy: Boto, Maurice Alphonse, Laza Petit Jean, teny Ambohijatovo niaraka tamin'i Zimbo sy Mara Seta sisa no nogadraina 5 taona an-tranomaizina.

Nahazo tombony i Didier Ratsiraka

Ny fahafatesan'ny Kolonely Ratsimandrava no nampijoro ny komitim-pitondrana miaramila, sady lalana niverenen-dRatsiraka indray teo amin'ny fitondrana, nisy ny fifampifidianana tao amin'ireo mpikambana 18, ka ny Capitaine de frégate Didier Ratsiraka no voafidy ho filohampirenena, napetraka teo amin'ny fitondrana izy ny 15 Jona 1975, ary nanomboka teo dia rava ilay komitim-pitondrana miaramila. Nanambara Ingahy Ratsiraka tamin'ny fotoana nandraisany ny fahefana, fa fitsaran'olombelona ihany no nitsara ny "Raharaha Ratsimandrava", fa tsy maintsy mbola ho hita hoy izy ny marina, 16 taona niampy 5 taona no nitondra ny Filoha Ratsiraka, izay efa Amiraly taty aoriana kanefa dia maty momoka ny "Raharaha Ratsimandrava", tsy nisy resaka intsony.

Tamin'ny taona 2009, raha nisy fanakorontanana nataon'ny Filoha ankehitriny dia nandray fanapahankevitra ny Filoha Ravalomanana nanome ny fahefana ho an'ny komitim-pitondrana miaramila, izay nahitana ireo manamboninahitra jeneraly ambony laharana indrindra, saingy nanipy ny fahefana tany amin'Ingahy Filoha ankehitriny Rajoelina ireo bekintana, satria noterena. Ny dikan'izany, tsy nanana fahasahiana nandray andraikitra ireo tamin'ny 2009, tsy toy ireo tamin'ny 1975, izay tsy nisy afa-tsy jeneraly iray monja: Gilles Andriamahazo, lietnà kolonely 3, komandà 5, kapiteny 5, lietnà 4.

Fomba fanao isan-taona ny mametraka fehezamboninkazo eny amin'ny tsangambaton'ny Kolonely Ratsimandrava eny Ambohijatovo ambony, isaky ny 11 Febroary, saingy toa fomba ihany ilay izy satria, ny mampalahelo dia tsisy resaka intsony ny mikasika ny "Raharaha Ratsimandrava " ary ireo fomba tsara nampiavaka ny kolonely aza dia tsy mahazo vahana intsony indrindra, fa taorian'ny 2009.

Ny Valosoa

Ny Valosoa sy fakafaka

Krizy politika misy **Izao no vokatry ny tsy nitondrana amin'ny lalamahitsy ny firenena**

Mizotra mankany amin'ny hafanana ny fiainam-pirenena amin'izao fotoana izao, miseho lany ny krizy politika. Ny zava-niseho tamin'ny sabotsy 6 febroary lasa teo no tena niha-nisongadinan'izany rehefa naneho fihetsika tsy amim-pahendrena ny manam-pahefana nirahin'ny fitondram-panjakana. Vao mainka nitombo izany maripanan'ny toe-draharaha izany niditra tamin'ny fiandohan'ity herinandro ity, tamin'ireo zava-nitranga samihafa izay vokatry ny nataon'ny fitondram-panjakana ihany. Na ny nanaovana ny olon'ny miara-manonja, na ireo anisan'ny andry iankinan'ny fiarovana ny fahasalamam-bahoaka, ireo paramedy ; ny manjo ny mpianatra eny amin'ny Anjerimanontolo na eto Antananarivo na ny any amin'ny faritra. Manginy fotsiny ny tsy fahitana vahaolana momba ireo mpivarotra amin'ny kalesa izay ailika fotsiny, fa tsy misy setriny fitsinjovana azy ireo, ny olam-bahoaka ara-tsosialy sy ny fahantrana lalina, ny fahasahiranana andavanandro, sns... Endriky ny tsy fahaiza-mitondra firenena izany raha aravona, satria azo nosorohina tsara avokoa izany rehetra izany tsy hitranga raha tena mpitondra mahay sy manam-pahendrena marina.

Manamboamboatra endrika ihatsarambelatsihy amin'ny vahoaka no anisan'ny vaindohan-draharahan'ny mpitondra ankehitriny. Ambara avokoa izao teny mampandry adrisa rehetra izao, sy hanaratsiana ny mpanohitra sy izay olom-pirenena tsy mitovy hevitra aminy. Fa maro an'isa ahoana moa no nifidy an'i Andry Rajoelina tamin'ny fifidianana ? Raha olona tena demôkraty dia tsy hiteny izany raha ny zava-nisy teto amin'ny firenena tamin'ireny fotoam-pifidianana ireny. Ny isan'ny mpifidy eto Madagasikara, raha ny voasoratra anarana fotsiny, dia tsy misy afa-tsy iray ampahatelon'ny vahoaka Malagasy manontolo. Ny ambara ho nifidy tamin'ireny fotoana ireny aza anefa dia mbola eo amin'ny antsasak'izay na latsaka aza. Ary ny nifidy an'i Andry Rajoelina dia tsy nisy afa-tsy iray amapahafolon'ny vahoaka Malagasy. Izany aza mbola adihevitra be ankehitriny satria voaporofo ny fisian'ny "doublon", izay maneho tsy fahamarinan'ny fifidianana. Tsy mitombona araka izany ny nahavoafidy azy, fa dia noteren'ny Hcc fotsiny ho marina ary dia voatery manaiky ny rehetra. Fanapahan-kevitra diso lalana ihany izany anefa, satria iaraha-mahita izao ny fandehan-draharaha sy fiainan'ny firenena. Ho voarakitry ny tantara izany fanapahan-kevitra nampibiroka lalana ny firenena izany sy ireo olona tomponandraikitra tamin'izany.

Tsy ho tonga amin'izao misy ny fiainam-pirenena izao ny raharaha raha nandeha amim-pahamarinana ny tomponandraikitra isan-tsokajiny nifehy ny fifidianana, ny Fitsarana Avo momba ny lalampanorenana (HCC), ary ireo nihevi-tena ho mpandresy sahady na dia mbola tsy nisy akory aza ny fifidianana, izay nampieritreritra ny mpandinika maro io. Ny firenena tsy entina am-pahamarinana dia izao no vokany, izao iaraha-mahita sy miaina izao. Raha tsy mitoetra ny marina, ny rariny sy hitsiny eto dia hihodinkodina fotsiny eto ny firenena fa tsy hisy fivoarany.

Sôh'son